



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana · Tanindrazana · Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-167

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA
NY ALATSINAINY 15 NOVAMBRA 2021 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 6 DESAMBRA 2021**

Fivoriana Faha-9
Natao ny
Talata 16 Novambra 2021
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Talata 16 Novambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 15 Novambra 2021 ka hatramin'ny Alatsinainy 6 Desambra 2021.

Nitohy ny Talata 16 novambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy avy hatrany ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Taorian'izay, nisaoran-dRamatoa Filoha tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitantsoratra.

Talohan'ny nidirana tamin'ny votoatin-draharaha, nanambara, Ramatoa Filoha, fa araka ny taratasy tonga teto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena tamin'ny Alarobia 3 Novambra 2021 lasa teo dia Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona no voafidy ho Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM satria nametra-pialana Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José Filoha teo aloha.

Nambarany ihany koa fa ny Solombavambahoaka DJAOSERA Irénée sy ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Dina Taratriniana dia nandeha namita iraka tany ampitan-dranomasina, ka iangaviana izy ireo hanao ny tatitra momba izany etỳ anoloana.

Andriamatoa DJAOSERA Irénée no nislotena azy ireo, ka toy izao no nambarany:

Fivoriana mikasika ny zon'olombelona no natrehana tany "Genève". Nisongadina tamin'izany koa fa tokony hanao EPU na "Examen Périodique Universel" momba ny fampianarana zon'olombelona ny firenena rehetra eran-tany.

Ny fitondram-panjakana no manara-maso ny fampiharana ny zon'olombelona ary manao tatitra momba izany ka alefa any "Genève" koa izany. Tsapa anefa fa mandringa ny tatitra tonga any satria ny fitondram-panjakana ihany no manao izany ary tsy mandalo amin'ny Antenimierampirenena akory alohan'ny handefasana azy any an-toerana. Rehefa voaray ny tatitra dia nisy "recommandation" naroso tany "Genève" ka miankina amin'ny faneken'ny Solombavambahoaka izany no hampiharana azy eto amin'ny firenentsika.

Roa no "recommandation" nataon'ny foibe momba ny zon'olombelona tany an-toerana: voalohany ary tsapa fa lafiny tsara dia ny nahavitana nanafoana ny "peine de mort" teto Madagasikara.

Faharoa, mbola tsy manana “commission de droit de l’homme” koa isika ato amin’ny Antenimierampirenena Malagasy ka tokony hanangana izany.

Rehefa avy nisaotra ny Solombavambahoaka tamin’ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, nambarany fa hodinihana amin’ny fotoana manaraka ny fananganana izany “commission” izay voalaza teo izany.

Taorian’izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha, ka niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivorian’ny Diniky ny Filoha.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, ka toy izao no fivakiny:

CONFERENCE DES PRESIDENTS

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON’NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY TALATA FAHA-16 NOVAMBRA 2021

Nivory ny Talata faha-16 Novambra 2021 nanomboka tamin’ny 10 ora, maraina, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan’ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin’ny “Conférence des Présidents” sy ny solotenan’ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin’ny fivorian’izy ireo ny Alatsinainy faha-15 Novambra 2021 tamin’ny 10 ora, maraina.

Nisy fanazavana nentin-dRamatoa Filoha avy eo, mikasika ny tolo-dalàna napetraky ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène, izay itadiavan’ny Vaomiera marimaritra iraisana. Teo koa ny fanazavana momba ny fametraham-panontaniana amin’ny mpikambana ao amin’ny Governemanta izay hampitoviana amin’ny fomba nanaovana azy farany teo.

Taorian’izay, nodinihana ny firafitry ny fandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-15 Novambra 2021 ka hatramin’ny Alatsinainy faha-6 Desambra 2021. Nisy ny fanitsiana natao.

Toy izao ny fandaharam-potoana tapaka tao amin’ny «Conférence des Présidents» ka hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du Lundi 15 Novembre 2021 au Lundi 06 Décembre 2021

LUNDI 15 NOVEMBRE 2021

- **10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent *-(Salle BP)*

MARDI 16 NOVEMBRE 2021

- **10H 00**: Conférence des Présidents – *(Salle B.P)*

- **15H 00**: SEANCE PLENIERE - *Salle des séances*

Adoption de l'Ordre du jour

MERCREDI 17 NOVEMBRE 2021

SEANCES PLENIERES - *(Salle des séances)*

10H 00 : Election d'un(e) Député(e) Représentant(e) de l'Assemblée nationale à la Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés (CMIL).

15H 00 : Rapport d'activités du Bureau Indépendant Anti-CORruption (BIANCO).

17H 00: Etats des lieux, opportunités, et messages clés sur les finances publiques en faveur des enfants

JEUDI 18 NOVEMBRE 2021

SEANCE PLENIERE - *(Salle des séances)*

10H 00: Présentation du Projet de loi n°018/2021 portant Loi de Finances pour 2022 par Madame la Ministre de l'Economie et des Finances.

JEUDI 18 NOVEMBRE 2021 à 15H 00 – VENDREDI 19 NOVEMBRE 2021

- **SAMEDI 20 NOVEMBRE** et **LUNDI 22 NOVEMBRE 2021** à **09H 00** et **15H00**

TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission des finances et du Budget *(Saisie au fond)*
- Commission de l'Economie et de la Planification *(Saisie pour avis)*
- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques *(Saisie pour avis)- (Salle BP)*

Projet de loi n°018/2021 portant Loi de Finances pour 2022.

LUNDI 22 NOVEMBRE 2021
TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00 et 15H 00: -Commission des Ressources Stratégiques (**Saisie au fond**)
-Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises (**Saisie pour avis-(Salle BP)**)

Proposition de Résolution n°006-2021/PR du 15/11/2021 portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA), présentée par la Députée Christine RAZANAMAHASOA, élue à Ambatofinandrahana et consorts.

MARDI 23 NOVEMBRE 2021
SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

10H00 et 15H 00 : Projet de loi n°018/2021 portant Loi de Finances pour 2022.

MERCREDI 24 NOVEMBRE 2021
TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00 et 15H 00: -Commission de la Santé Publique (**Saisie au fond**)
-Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation- (**Saisie pour avis**)
-Commission de la Population et de la Protection Sociale- (**Saisie pour avis**)-
(**Salle BP**)

Proposition de loi n° 003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe.

↓
JEUDI 25 NOVEMBRE 2021
TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00 et 15H 00 : -Commission des finances et du Budget (**Saisie au fond**)
-Commission de l'Economie et de la Planification (**Saisie pour avis**)
-Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (**Saisie pour avis**)- (**Salle BP**)

Projet de loi N° 007/2021 du 12/05/2021 portant Loi de Règlement pour 2018.

VENDREDI 26 NOVEMBRE 2021
SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

10H 00 : Proposition de Résolution n°006 -2021/PR du 15/11/2021 portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA), présentée par la Députée Christine RAZANAMAHASOA, élue à Ambatofinandrahana et consorts.

LUNDI 29 NOVEMBRE 2021
TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00: -Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation élargie - ***(Salle BP)***

Réunion de concertation sur la gestion administrative des Bovins à Madagascar (FIB).

MARDI 30 NOVEMBRE 2021
SEANCE PLENIERE - ***(Salle des séances)***

10H 00: Projet de loi N° 007/2021 du 12/05/2021 portant Loi de Règlement pour 2018.

MERCREDI 01 DECEMBRE 2021
TRAVAUX DES COMMISSIONS

09H 00 et 15H 00 : -Commission de la Santé Publique (Saisie au fond)
-Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation- ***(Saisie pour avis)***
-Commission de la Population et de la Protection Sociale- ***(Saisie pour avis)- (Salle BP)***

Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe.

JEUDI 02 DECEMBRE 2021 et VENDREDI 03 DECEMBRE 2021

SEANCES PLENIERES - ***(Salle des séances)***

de 10H 00 à 19H00: SEANCE DES QUESTIONS AU GOUVERNEMENT

LUNDI 06 DECEMBRE 2021

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent- ***(Salle BP)***

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N°d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
01	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
02	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
03	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
04	RABENIRINA Jean Jacques	Vice-Président
05	RAHELIHANTA Jocelyne	Vice-Président

06	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Président
07	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président
08	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
09	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
10	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
11	ANGELE Solange	Rapporteur Général
12	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
2	Commission de la Défense Nationale	VELOMAHAZO Patrice	IRD
3	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
4	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
5	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
6	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD

7	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
8	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
9	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
10	Commission des Poste et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGYNorbert	GPR
11	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
12	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
13	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA ANDRIAMIHARIMANANA Seth	IRD
14	Commission des Travaux Publics	RASALAMA Léon	IRD
15	Commission des Infrastructures et de l'Equipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
16	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
17	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RASOLONIAINA Robert	IRD

19	Commission de l'Education Nationale	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD
20	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN FRANÇOIS Michel	TIM
21	Commission de la Sécurité Publique	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD
22	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
23	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
24	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
25	Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD
26	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
27	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
28	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD

29	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
30	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
31	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR
32	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR
33	Commission Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAZAKANDRAINY Henri Dominique	IRD
34	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	IRD

PRESIDESNTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	GROUPE PARLEMENTAIRES
1	MILAVONJY Andriasy Philobert	GPR
2	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Fetra	TIM

Représentants du Gouvernement:

Yamicole Franckline

Taorian'izay, nisaoran-dRamatoa Filoha tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents", Andriamatoa HENRI Jean Michel ary nanontaniana ny mpivory raha toa misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny volavolam-pandaharam-potoana izay novakiana teo.

Samy tsy nisy nanana fanamarihana momba izany na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore dia nanambara fa efa nisafidy ny hiroso amin'ny «dématisation» ny Antenimierampirenena, ka tokony hatao feno ny tatitra omena ny Solombavambahoaka.

Nomarihany fa tsy nisy tovana ny tatitra voarainy ary tsy fantatra akory ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana tamin'ny «Conférence des Présidents». Mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny Alatsinainy 29 Novambra 2021 kosa, afaka mandray fanapahan-kevitra avokoa ve ny Solombavambahoaka amin'io «Commission élargie» io sa manao ahoana. Nambarany koa fa tokony hampidirina ao anatiny ny «Commission de l'élevage» sy ny «Commission de la Défense».

Namaly Ramatoa Filoha, fa hita ao amin'ny tovana avokoa ireo Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana, ka niangaviany ny Mpitantsoratra hamaky izany.

Mikasika ny «Commission élargie», ny «Commissions» rehetra mahatsapa fa voakasika amin'io fandaharam-potoana ny Alatsinainy 29 Novambra 2021 io dia mahazo manatrika ny fivoriana avokoa.

Fanontaniana no napetrak'Andriamatoa DJAOSERA Irénée, raha nomena fitenenana. «Voix délibérative» ve sa «voix consultative» no ananan'ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny «Commission de l'intérieur et de la Décentralisation élargie» tonga manatrika ny fivoriana amin'io Alatsinainy 29 Novambra 2021 io.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa ny Filohan'ny Vaomiera izay tonga manatrika ny fivoriana dia manana "voix délibérative" daholo.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 43 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka Alatsinainy 15 Novambra 2021 ka hatramin'ny Alatsinainy 6 Desambra 2021.

Taorian'izay, nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana raha toa misy tiany ambara.

Tsy nanan-kolazaina mikasika ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny solotenan'ny Governemanta.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, koa ny Alarobia 17 Novambra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe hifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena ao amin'ny "Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés" na ny CMIL. Nomarihany fa efa manomboka ny fisoratana anarana ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena, ho an'ireo izay maniry ny hirotsaka amin'izany. Nambarany fa tapitra ny Alarobia 17 novambra 2021, amin'ny 8 ora sy 30 minitra, maraina, ny fisoratana anarana.

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny tatitra hataon'ny BIANCO.

Aorian'izay, min'ny 5 ora, hariva, hisy koa ny fihaonana miaraka amin'ny l'UNICEF ».

Nitaona ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriambe, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Niato tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona